


Ramatoa Therese ZAFY, Vady navelan'Itompokolahy Président, Profesora ZAFY Albert

sy ny Zanaka aman-jafiny

Ho an'ny Fianakavian'Itompokolahy Président, Amiraly Didier RATSIRAKA,

Sy ny Vahoaka Malagasy Manontolo

amin'ny alàlan'Andriamatoa Filohan'nyRepoblika,

Amin'alahelo sy fahatairaina lehibe no nandrenesako sy ny ankohonako ny nahalasanan'ny Filohan'ny Repoblika teo aloha, ny Amiraly Didier RATSIRAKA izay Raimandreny iarahan'ny Malagasy rehetra manana ary tsy àry nitsahatra ny nikaroka ny tombotsoa iombonan'ny zanak'i Madagasikara rehetra sy ny hampihavana azy ireo.

Very olo manga, very olona tia tanindrazana ary very Raiamandreny niankinana isika Malagasy tsy an-kanavaka amin'izao nandaozan'ny Filoha Didier RATSIRAKA antsika izao.

Amin'izao andro manjombona izao, ny fianakaviana ZAFY Albert dia miaraka ory sy miondrika amin'ny fianakavian-dRatompokolahy sy ny Firenena ary ny vahoaka malagasy manerana ny Nosy ary mitondra ny teny fampionona ho azy ireo.

Natao teto Antananarivo, anio faha-28 Marsa, 2021.

Amin'ny anaran'ny Fianakaviana ZAFY Albert

**Ramatoa Thérèse ZAFY**